



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

Ireo Andro Farany Nianan'i Jesosy
LES DERNIERS JOURS DE JESUS
Mat. 21 - 25

Alatsinainy 14 septambra 2020
Lundi 14 septembre 2020

NY FIDIRANA TAO JEROSALEMA (Mat. 21, 1-22)
– L' ENTREE A JERUSALEM (Mat. 21, 1-22)

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu : Izaon no Tenin'ny Tompo – *Voici la Parole de Dieu :*
« Lazao amin'i Ziona zanakavavy : Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao : malemy fanahy sady mitaingina boriky, dia zanaky ny boriky miasa » (Mat. 21, 5). Amen ! – « *Voici ton roi qui vient à toi, plein de douceur et monté sur un âne, sur un ânon, le petit d'une ânesse* » (Mat. 21, 5). Amen !

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) 44, 1-2 : Indro i Jeso, mba vohay :

1. Indro i Jeso, mba vohay, mba vohay !
Avy ho sakaizanay ka vohay !
Ilay Malala fahizay sady sitraky ny Ray,
Tonga ho anao indray, ka vohay !
2. Indro i Jeso, mba vohay, mba vohay !
Tompo tia ka mba hajao, mba vohay !
Honina aminao ety, ho sakaiza hatrery,
Ho anao mandrakizay, ka vohay !

Teksta 1 – Texte 1 : Mat. 21, 1-11 :

1 Ary raha nanakaiky an'i Jerosalema izy ka tonga tao Betifaga any an-tendrombohitra Oliva, dia naniraka mpianatra roa lahy i Jesosy ka nanao taminy hoe : 2 « Mankanesa amin'iroa vohitra tandrifinareo iroa, ary miaraka amin'izay dia hahita boriky mifatotra sy ny zanany eo aminy ianareo. Vahao izy, dia ento ety Amiko. 3 Ary raha misy miteny anareo, dia lazao hoe : 'Misy raharaha analan'ny Tompo azy', ary dia havelany ho entina miaraka amin'izay izy. 4 Izany dia tonga mba hahatanteraka izay nampilazaina ny mpaminany hoe : 5 'Lazao amin'i Ziona zanakavavy : Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao : malemy fanahy sady mitaingina boriky, dia zanaky ny boriky miasa' » (Zak. 9, 9). 6 Ary dia nandeha ny mpianatra ka nanao araka izay nandidian'i Jesosy azy. 7 Dia nentiny ny boriky sy ny zanany ary nataony teo amboniny ny lambany, ary i Jesosy dia nitaingina azy. 8 Ary ny ankabezan'ny vahoaka dia namelatra ny lambany teny an-dàlana, ary ny sasany nanapaka rantsan-kazo dia nahahany teny an-dalana koa izany. 9 Ary ny vahoaka izay nialoha Azy sy izay nanaraka dia niantso hoe : « Hosana ho an'ny Zanak'i Davida ! Isaorana anie Izay avy amin'ny Anaran'Ny TOMPO ! Hosana any amin'ny avo indrindra (Sal. 118, 26). 10 Ary nony efa tafiditra tany Jerosalema Izy, dia nihorakoraka ny tanàna rehetra ka nanao hoe : « Iza moa izao » ? 11 Ary ny vahoaka nilaza hoe : « Iza no Jesosy mpaminany, izay avy any Nazareta any Galilia ».

1 Lorsqu'ils approchèrent de Jérusalem et qu'ils furent arrivés à Bethphagé, vers le Mont des Oliviers, Jésus envoya deux disciples 2 en leur disant : « Allez au village qui est devant vous. Vous y trouverez tout de suite une ânesse attachée et un ânon avec elle : détachez-les et amenez-les-Moi. 3 Si quelqu'un vous dit quelque chose, vous répondrez : 'Le Seigneur en a besoin'. Et à l'instant il les laissera aller ». 4 Or [tout] ceci arriva afin que s'accomplisse ce que le prophète avait annoncé : 5 « Dites à la fille de Sion : 'Voici ton roi qui vient à toi, plein de douceur et monté sur un âne, sur un ânon, le petit d'une ânesse'. 6 Les disciples allèrent faire ce que Jésus leur avait ordonné. 7 Ils amenèrent l'ânesse et l'ânon, mirent leurs vêtements sur eux, et Jésus s'assit dessus. 8 Une grande foule de gens étendirent leurs vêtements sur le chemin, d'autres coupèrent des branches aux arbres et en jonchèrent la route. 9 Ceux qui précédaient et ceux qui suivaient Jésus criaient : « Hosanna au Fils de David ! Béni soit Celui qui vient au Nom du Seigneur ! Hosanna dans les lieux très hauts ». 10 Lorsqu'Il entra dans Jérusalem, toute la ville fut troublée. On disait : « Qui est cet homme » ? 11 La foule répondait : « C'est Jésus, le prophète de Nazareth en Galilée ».

Fanamarihana 1 – Commentaires 1 : Ny fidiran'ny mpanjaka mpandresy tao Jerosalema - L'entrée triomphale à Jérusalem

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonana sy ny fianakaviana mba hankamamiany ny fanjakan'i Jesosy Kristy amin'ny fiainany - *pour notre foyer et notre famille pour qu'ils reconnaissent en Jésus-Christ le visage de la Grâce de Dieu*

- ho an'ny Fiangonana mba hanaikeny fa i Jesosy Kristy irery ihany no Mesia Mpamonjy
– *pour l'Église pour qu'elle accepte que Jésus-Christ est, Seul, le Messie Sauveur.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 171, 1 sy 3 : I Jeso, Mpanjaka malaza :

1. I Jeso, Mpanjaka malaza, no Tompo Mpanjakanay,
Mahery sy tsara indrindra ka Izy no aronay.
Mendrika hankalazaina noho ny Heriny
Eran-tany sy lanitra koa ny zo aman-dazany.

Fiverenana :

Ry Tompo Mpanjaka mahery ô,

Mihainoa, mihainoa !

Avy manaiky tokoa izahay fa Tompon'ny Hery rehetra lanao,

Tsy misy mihitsy ny toa Anao, tsy tratry ny saina ny Herinao.

Ny fiderana izay entinay, raiso re, raiso re !

Ny haja atolotra Anao ety, raiso izao !

3. Tompo, Mpanjaka Tsitoha, kanefa be indrafo.
Deraina eram-po eran-tsaina, deraina mandrakizay.
He, ny mpanompo voavonjy samy mihoby hoe :
"Haleloia ho amin'ny Avo, fa i Jeso no Tomponay".

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Mat. 21, 12-17 :

12 Ary i Jesosy niditra teo an-kianjan'ny Tempolin'Andriamanitra, dia nandroaka izay rehetra nivarotra sy nividy teo an-kianjan'ny tempoly ka nanjera ny latabaty ny mpanakalo vola sy ny fipetrahan'ny mpivarotra ny voromailala. 13 Dia hoy Izy taminy : « Efa voasoratra hoe : 'Ny Tranoko hatao hoe trano fivavahana (Isa. 56, 7) fa ianareo kosa manao azy ho zohy fieren'ny jiolahy (Jer. 7, 11). 14 Ary nisy jamba sy mandringa nanatona Azy teo an-kianjan'ny Tempoly, dia nahasitrana azy Izy. 15 Fa nony hitan'ny lohan'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna ny zavatra mahagaga izay nataony sy ny ankizy madinika miantso eo an-kianjan'ny Tempoly ka manao hoe : « Hosana ho an'ny Zanak'i Davida », dia tezitra izy 16 ka nanao taminy hoe : « Renao va izay lazain'ireo » ? Dia hoy i Jesosy taminy : « Eny. Tsy mbola novakianareo va ny Teny manao hoe : 'Avy amin'ny vavan'ny ankizy madinika sy ny zaza minono no nanamboaranao fiderana » (Sal. 8, 2) ? 17 Dia nandao azy Izy ka niala tao an-tanàna hankany Betania, ary dia nitoetra tao mandritra ny alina Izy.

12 Jésus entra dans le Temple [de Dieu]. Il chassa tous ceux qui vendaient et qui achetaient dans le Temple, et Il renversa les tables des changeurs de monnaie et les sièges des vendeurs de pigeons. 13 Il leur dit : « Il est écrit : 'Mon Temple sera appelé une maison de prière, mais vous, vous en avez fait une caverne de voleurs' ». 14 Des aveugles et des boiteux s'approchèrent de Lui dans le Temple, et Il les guérit. 15 Mais les chefs des prêtres et les spécialistes de la loi furent indignés à la vue des choses

merveilleuses qu'Il avait faites et des enfants qui criaient dans le Temple : « Hosanna au Fils de David » ! **16** Ils Lui dirent : « Entends-Tu ce qu'ils disent » ? « Oui », leur répondit Jésus. « N'avez-vous jamais lu ces paroles : 'Tu as tiré des louanges de la bouche des enfants et des nourrissons » ? **17** Puis Il les laissa et sortit de la ville pour aller à Béthanie où Il passa la nuit.

Fanamarihana 2 – Commentaires 2 : Ny nanadiovana ny Tempoly - La purification du Temple

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ireo sahirana mba hikatsaka ny fanadiovan'i Jesosy azy izy ireo ka handray ny fanavaozana azy amin'izany - *pour ceux qui sont dans des difficultés pour qu'ils soient réceptifs à la purification que Jésus opère dans leurs vies et qu'ils en soient renouvelés*
- ho an'ny kristiana mba tsy hanompo ny Tompo Andriamanitra ao anatin'ny halatra izy ireo ka handoto ny Anarana sy ny Voninahitr'Andriamanitra – *pour les chrétiens afin qu'ils n'accomplissent pas leur service dans le vol et salir ainsi le Nom et la Glire de Dieu.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 210, 1 sy 3 : Zava-tsoa tokoa ny Fitsipikao :

1. Zava-tsoa tokoa ny fitsipikao
Tompo Andriamanitra ô !
Teny mahasoà, aina, hery koa
Mba ho an'izay manoa.

Fiverenana :

*(Feo voalohany) Iravoanay fa harena be
(Feo faharoa) Soa tsy manam-paharoa ny Fitsipikao
Iravoanay fa harena be
Sarobidy tsy hafohy izany Didinao
(Feo rehetra) Famonjena ho an'izay mandre.*

3. Raha alaim-panahy itony zanakao
Indro, ao ny Teninao
Sabatry ny fo, hanoheranay
Ilay ratsy hatrizay.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Mat. 21, 18-22 :

18 Ary nony niverina maraina hankany an-tanàna Izy, dia noana. 19 Ary nahita hazo aviavy anankiray teo amoron-dàlana Izy, dia nankeo aminy, kanjo tsy nahita na inona na inona teo aminy, hafa tsy ravina ihany. Dia hoy Izy taminy : « Aza misy voa avy aminao intsony mandrakizay ». Dia maina vetivety foana ilay hazo aviavy. 20 Ary nony hitan'ny mpianatra izany, dia gaga izy ka nanao hoe : « Nanao ahoana re no dia nahamaina

vetivety io aviavy io » ? 21 Ary i Jesosy namaly ka nanao taminy hoe : « Lazaiko aminareo marina tokoa : Raha manam-pinoana ianareo ka tsy mihanahana, dia tsy izao natao tamin'ny aviavy izao ihany no ho vitanareo. Fa raha hiteny amin'ity tendrombohitra ity aza ianareo ka hanao hoe : 'Mifindrà ianao, ka mianjerà any andranomasina', dia ho tonga izany. 22 Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo.

18 Le lendemain matin, en retournant à la ville, Il eut faim. 19 Il vit un figuier sur le bord du chemin et s'en approcha, mais Il n'y trouva que des feuilles. Il lui dit : « Que jamais plus tu ne portes de fruit » ! Le figuier sécha immédiatement. 20 Voyant cela, les disciples furent étonnés et dirent : « Comment ce figuier a-t-il pu devenir immédiatement sec » ? 21 Jésus leur dit alors : « Je vous le dis en vérité, si vous avez de la foi et que vous ne doutez pas, non seulement vous ferez ce qui a été fait à ce figuier, mais même si vous dites à cette montagne : 'Retire-toi de là et jette-toi dans la mer', cela arrivera. 22 Tout ce que vous demanderez avec Foi par la prière, vous le recevrez ».

Fanamarihana 3 – Commentaires 3 : Ny nanozonana ilay hazo aviavy - La malédiction du figuier

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny tenantsika mba hisy akony eo amin'ny fiainantsika ny Finoana – *pour nous pour que la foi ait des échos dans notre vie*
- ho an'ireo mpitandrina mba – *pour les pasteurs pour que :*
 - tsy ho mainan'ny familiana ny fanompoana hanalavitra ny Sitrapon'Andriamanitra izy ka tsy hitera-bokatra ho an'ny Tompo – *ils ne soient pas asséchés par l'éloignement de la Volonté de Dieu et ne puissent pas ainsi présenter des fruits de leur service au Seigneur*
 - higoka ny Fahasoavan'Andriamanitra izy ka hampiasa ny fanomezam-pahasoavana nomen'ny Tompo azy mba hahatonga olona maro hibebaka marina tokoa – *ils expérimentent la Grâce de Dieu en mettant à profit les talents que le Seigneur lui a donnés afin d'emmener le plus grand nombre à la repentance véritable.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 623, 1-2 : Mba omeo ahy :

1. Mba omeo ahy fo madio kokoa
Afaka ahiahy ho Anao tokoa.
Izaho dia malaina, ô mba hafanao re
Mba hikely aina hahefako be.
2. Mbola manangoly ny fakam-panahy.
Ao koa ny devoly ta-hamotraka ahy.
Tompo ô, ampio ny mpanomponao izao,
Ary mba tafio herim-po vaovao.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Zakaria 9, 9-10 :

9 Mifalia indrindra, ry Ziona zanakavavy, manaova feo fifaliana, ry Jerosalema zanakavavy : Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao [na : ho aty aminao]. Marina Izy sady manam-pamonjena [heb. : voavonjy], malemy fanahy sady mitaingina boriky dia zana-boriky tanora. 10 Ary hofoanako tsy hisy kalesy intsony i Efraïma, na soavaly any Jerosalema. Hofoanana koa ny tsipika fiadiana, ary hiteny fiadanana amin'ny jentilisa Izy. Ny fanapahany dia hatramin'ny ranomasina ka hatramin'ny ranomasina ary hatramin'ny Ony [Eofrata] ka hatramin'ny faran'ny tany.

9 Réjouis-toi, fille de Sion ! Lance des acclamations, fille de Jérusalem ! Voici ton roi qui vient à toi : il est juste et victorieux, il est humble et monté sur un âne, sur un ânon, le petit d'une ânesse. 10 Je supprimerai les chars d'Ephraïm et les chevaux de Jérusalem, les arcs de guerre seront brisés. Il annoncera la paix aux nations, et il dominera d'une mer à l'autre, depuis l'Euphrate jusqu'aux extrémités de la terre.

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

Hira (Chant) 532, 1-2 : Ry Jeso, lohan'ny mpandefitra :

1. Ry Jeso lohan'ny mpandefitra,
Nilaozanao ny Voninahitrao,
Mba hahatonga anay mpiavona
Hanetry tena eo imasonao.
2. Ry tsy miavonavona am-po !
Izaho te-hianatra Aminao,
Mba hitsaharan'ny fanahiko,
Fa mampiadam-po ny entanao.

Tso-drano – Bénédiction

Fanirahana - Envoi

Fiangonana (Assemblée) : Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions Dieu.* Amen !

Amin’ny Anaran’Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – *Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit.* Amen !